

Mihazakazaka mba handresy!

Nosoratan'i Dwain N. Esmond

Tale mpanampy ao amin'ny Ellen G. White Estate, Inc.

"Efa niady ny ady tsara aho; nahatanteraka ny fihazakazahako aho; nitahiriry ny finoana aho; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa." - 2 Tim. 4:7,8.

FAMPIDIRANA

Iray amin'ireo lohahevitra lehibe ao amin'ireo asatoratr'i Ellen White ny fiomanan'ny tena manokana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy Kristy fanindroany. Nanao izao fanamarihana izao ny mpanoratra anankiray: "Nibahana teo amin'ny fiainan'i Ellen White sy namolavola ny asa fanoratana nataony ny maha-antomotra ny fiavian'i Kristy fanindroany. Tahaka ny fara tampon'ny famonjena no fandraisana ny fiverenan'i Kristy, izay maneho ny fanombohan'ny fiafaran'ny fifanandrinana lehibe eo amin'ny tsara sy ny ratsy, fanehoana ambony indrindra ny fitiavan'Andriamanitra, votoatin'ny hafatry ny anjely telo, antony manosika antsika hiaina fiainana kristianina, ary mitaky maika ny hitoriana ny hafatry ny filazantsara amin'izao tontolo izao ao anatin'ny fotoana fohy araka izay tratra."¹

Mila mijery ireo trangan-javatra mandalo eto amin'izao tontolo izao fotsiny ny olona iray dia hanatsoaka ny hevitra fa efa mby am-baravarana mihitsy aza ny Fiavian'i Jesôsy fanindroany. Toa tanteraka amin'ny hafainganam-pandeha mbola tsy

¹Nafomezina sy narafitra avy tamin'ny George R. Knight. *Meeting Ellen White* (Hagerstown: Review and Herald Publishing Association, 2001), 109-127.

hita teo amin'ny tantaran'ny planeta tany ny faminaniana. Raha jerena io zava-misy io - ny fiafarana fara tampon'ny Kristianina izay efa antomotra - dia tokony ho olona manao ahoana isika? Amin'io lafiny io dia manome antsika torohevitra tena manandanja tokoa ny fanandraman'ny apôstôly Paoly sy ny toromarika nomeny, raha eo am-piomanana ho amin'ny fiverenan'i Jesôsy tsy ho ela intsony isika. Mialoha ny hiresahantsika momba an'i Paoly anefa, dia mamela ahy ianareo mba hilaza aminareo ny tantaran'ny mpihazakazaka mahatalanjona iray.

Ny olombelona tonga lafatra indrindra. Izany no fiantson'ny tranonkala WIRED.com azy tao anatin'ny lahatsoratra navoakany tamin'ny volana Janoary 2007 mahakasika an'i Dean Karnazes, izay tena be mpamaky tokoa.² Tsy midika zavatra betsaka ho an'ny 99,9% amin'ny mponina maneran-tany ny anarana Dean Karnazes, fa ho an'ireo ampahan'olom-bitsy tsy dia fahita loatra izay mihazakazaka amin'ny "ultrafond" (fifaninanana hazakazaka lavitra kokoa noho ny hazakaza-davitra na ny "marathon"), dia olo-manga i Karnazes, ary manana mpanara-dia maro dia maro tokoa izy. Ahoana no nahatongavany tamin'io toerana io? Tena tsotra ny valin'ny fanontaniana: nihazakazaka izy, ary nihazakazaka, ary mbola nihazakazaka hatrany.

Nihoaran'i Karnazes ny fetra rehetra, na dia teo amin'ny fahatanorany aza. Fony izy 12 taona, ohatra, dia namakivaky lohasaha lehibe iray, avy tamin'ny tendrony iray nankamin'ny tendrony iray - halavirana teo ho eo amin'ny 28 kilaometatra. Tsy io zava-bitany io anefa no nahatonga azy hitia ny zava-tsarotra, hoy ireo mpihazakazaka amin'ny "ultrafond", fa ireo halavirana goavana izay nihazakazahany.

²Joshua Davis, "The Perfect Human," *Wired*, January 1, 2007, <http://www.wired.com/2007/01/ultraman/>.

Ireo mpihazakazaka amin'ny "ultrafond" dia mihazakazaka ao anatin'ny halavirana mihoatra ny 42 kilaometatra, izay halavirana mahazatra fanao amin'ny hazakaza-davitra. Mba hampahazava ny resaka, indray mandeha i Karnazes dia nihazakazaka tamin'ny halavirana mirefy 560 kilaometatra tao anatin'ny 80 ora sy 44 minitra, tsy natory mihitsy. Nahavita hazakazaka antsoina hoe "course de relais" (hazakazaka iray ifandimbiasan'ny olona maro) tamin'ny fotoana 11 miavaka tsara izy, saingy izy irery no nanatanteraka ny hazakazaka. Tokony ho hazakazaka ifandimbiasan'ireo anatin'ny ekipa iray anefa io hazakazaka mielanelana 320,3 kilaometatra io. Tena mahatalanjona tokoa ireo zava-bitany ireo, saingy tamin'ny "Endurance 50" natao tamin'ny taona 2006 no nahazoan'i Karnazes ny lazany maneran-tany. Nanatanteraka hazakaza-davitra dimampolo tao anatin'ny 50 andro io mpihazakazaka mahery indrindra io tao anatin'izany.

MIHAZAKAZAKA AVOKOA NY OLONA REHETRA

Raha tsy hanatanteraka hazakaza-davitra na oviana na oviana ny ankamaroantsika olona "tsotra", ary mainka moa fa "ultrafond", dia tsara ny manamarika amin'ity maraina ity fa ao anatin'ny hazakazaka avokoa ny olombelona rehetra. Tsy afaka mifidy ny hihazakazaka na tsia isika, fa afaka kosa mifidy fotsiny hoe *ahoana* no hihazakazahantsika.

Olona vitsy ao amin'ny Baiboly no afaka nahatakatra ny toetsain'ny mpihazakazaka amin'ny "ultrafond", saingy raha nisy olona anankiray tena nahatakatra izany, dia ho ny apôstôly Paoly izany olona izany. Zavatra tena kely ihany no fantatr'ireo olom-pirenena tany Asie Mineure tamin'ny taonjato voalohany mahakasika ny hazakazaka lavitr'ezaka. Nankalaza ny lalao ôlompika sy ny lalao andilan-tany izy ireo. Ny lalao andilan-tany dia notanterahana teo akaikin'i Korinto fahiny, herintaona

mialoha sy herintaona aorian'ny lalao ôlimpika. Mpankafy hazakazaka ireo mpino tany Korinto, zatra nijery ny zava-bitateo amin'ny hafainganam-pandeha, ny fahaizana, ny tanjaka, ary ny faharetana - ary fantatr'i Paoly izany. Ho fiezahana "hiteny amin'ny fiteniny" sy hitarika azy ireo ho amin'ny fiainam-pahatokiana amin'Andriamanitra, dia nampitovian'i Paoly tamin'ny hazakazaka ny fiainam-panahin'ny mpino. Nampirisika ny mpino tamin'izany fotoana izany mba hihazakazaka ka handresy i Paoly! Ho nanao izany koa izy androany raha toa ka teto anivontsika.

"Ary ny mpihazakazaka rehetra dia mahonon-tena amin'ny zavatra rehetra." (1 Kôr. 9:25), hoy izy tao anatin'ny taratasiny, raha niresaka momba ireo mpihazakazaka, izay ampoizina fa hitan'ireo Kôrintianina nihazakazaka nanodidina ny tanànany isan'andro. *"Kanefa ireny dia mitady satroboninahitra mety ho lo ihany, fa isika kosa ny tsy mety ho lo"*, hoy i Paoly nanampy faingana. Tiany ho fantatry ny mpino fa misy fiantraikany mandrakizay ny fomba fifidianany ny hanatanterahana ny hazakazaky ny fiainana. Nizara ny paik'adiny manokana teo amin'ny "fihazakazahana" mihitsy aza i Paoly: *"Raha izaho ary, dia mihazakazaka, nefa tsy toy ny manao kitoatoa; ary mamely totohondry aho, nefa tsy toy ny mamely ny rivotra"* - 1 Kôr. 9:26. Mariho fa tsy mihazakazaka amin'ny fomba "kitoatoa" i Paoly, izany hoe tsy mahazo antoka ny amin'ny anton'ny maha-eo amin'ny hazakazaka azy. Manana zavatra tokana sy tsy miovaova ifantohana izy. Mifehy ny tenany mba handresena izy! Toa miteny i Paoly hoe: *"Mendrika ny ho azo ny fandresena amin'io hazakazaka io!"*

Nandritra ny androm-piainany dia nandray sy nampiasa io sary momba ny fanatanjahan-tena io i Paoly rehefa niresaka momba ny fiainana kristianina. Ohatra, nandray ny fomba fiteny amin'ireny lalao ireny izy rehefa nampita ny lahateniny ho fanaovany veloma an'i Timoty, ilay zanany ao amin'ny finoana.

Nipetraka tao anatin'ny fonja rômanina i Paoly, niaraka tamin'ny didim-pitsarana ho famonoana ho faty nitatao teo amin'ny lohany, ka fantany fa efa mananontanona ny fiafaran'ny fihazakazahany. Tsy misy zavatra tena mampifantoka ny saina tahaka ny fahantomoran'ny fahafatesan'ny tena. Na dia nanirery aza i Paoly (2 Tim. 4:9-22), dia toa nihoarany lavitra ireo fanaintainana hibosesika amin'ny fialany aina. *"Fa izaho efa hatolotra sahadry, ary efa mby akaiky ny andro fialako"* (2 Tim. 4:6), hoy izy tamin'i Timoty, ho fiezahana hiangavy azy mba hanafaingana ny fiakarany any Rôma.

Nanatanteraka ny fihazakazahany nandritra ny taona maro i Paoly, ka tiany ho fantatr'i Timoty fa nandresy tamin'izany hazakazaka izany izy, tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra! Nozarain'i Paoly tamin'io namany tanora io ireo zava-bitany anankitelo izay tena nahafaly azy indrindra:

1. "EFA NIADY NY ADY TSARA AHO" (2 Tim. 4:7)! Nifidy ny tena ady hotanterahina i Paoly.

Tsy fanambaràna mahazatra ny fanambaràn'i Paoly voalohany. Misy "ady" maro dia maro tanterahintsika olombelona tokoa mantsy. Lehilahy sy vehivavy tsy tambo isaina no mandany ireo heriny miserana ihany mba hananohana ny totohatory ny fahombiazana arak'asa. Miankina amin'ny fifangaroana fahiratan-tsaina, fiomanana any am-pianarana, hakingana nolovaina, ary fahatapahan-kevitra lalina ny "hametraka ny tenany ho eo amin'ny toerana ambony eo amin'ny fiainana" izy ireo. Ho amin'ireo no iadiany. Ho an'ny hafa, ny fikatsahana fahafinaretana tsy misy mpanohintohina no adiny: fialan-tsasatra lafatra indrindra, filalaovana eo amin'ny firaisana ara-nofo, sakafo matsiro, sy ny sisa. Ho amin'ireo no iadiany!

Eo anatrehan'ireo tontolon-kevitra ireo - sy ny anarivony hafa tahaka izany - no ilazan'i Paoly mihitsy hoe: "Tsy hoe niady ny ady tsara ihany aho, fa nifidy ny tena ady

hotanterahina!" Nanoratra tahaka izao momba ny safidy ara-panahy nataon'i Paoly i Ellen G. White: "*Nahatoky mandrakariva tamin'ny Mpamonjiny i Paoly nandritra ny fotoana lava niasany ho Azy. Na taiza na taiza nijoroany: na teo anatrehan'ireo Fariseo feno fandrahonana, na teo anatrehan'ny manam-pahefana Romana, na koa teo anatrehan'ny vahoaka romotry ny hatezerana tany Lystra, na teo anatrehan'ny mpanota mafy hatoka, na tany amin'ny fonja tany Makedonia, na niady hevitra tamin'ireo matilo raiki-tahotra teo amin'ny sambo tra-doza, na niseho teo anatrehan'i Néron mba hiaro ny ainy, dia tsy mba menatra ny hijoro hiaro ny finoana notanany izy.*"³

Tokony ho hitan'ireo Kristianina amin'ny taonjato fahiraika ambin'ny folo tsara fa nitaky sarany goavana tamin'i Paoly ny ady nataony. Izao no nosoratan'i Ellen White: "*Fantatr'i Paoly fa tsy hitsahatra ny ady ataony amin'ny ratsy raha tsy efa maty izy. Fantany fa tsy maintsy manao fifehezan-tena henjana sy maharitra izy mba tsy handresy ny fiainany ara-panahy ny fitsiriritana an'izao tontolo izao. Noho izany no nitolomany tamin'ny heriny rehetra ho fanoherany ny fironana mpahazo azy. Nibanjina mandrakariva ny fenitra nokendreny hotratrarina izy, ary mba hahatrarany izany, dia niady izy ka nankatò tamimpifaliana ny didin'Andriamanitra. Teo ambany fifehezan'ny Fanahy Masina, na ny fiteniny, na ny asany, na ny fitiavany, - ny fiainany manontolo.*"⁴ Tsy nitsahatra ny nizara ny filazantsara na oviana na oviana ny apôstôly Paoly, ary tsy nandositra ny andraikiny izy.

Io no mitondra antsika ho amin'ny zava-bitany faharoa izay nijoroan'i Paoly ho vavolombelona:

³Ellen G. White. *Vavolombelona Mahery*, t. 439.

⁴*Ibid.*, 275.

2. NAHATANTERAKA NY Fihazakazahako AHO (2 Tim. 4:7)! Hitaky sarany lafo tokoa ny hazakazaky ny fiainana, nefa afaka ny hivoaka mpandresy isika, noho ny fanampian'Andriamanitra!

Raha nanontaniana mahakasika ny fijoroany amim-pahatokiana amin'ny maha-Apostolin'i Kristy azy i Paoly, dia izao no nambarany: *"Indimy aho no nokapohin'ny Jiosy inefa-polo latsaka iray avy. Intelo nokapohina tamin'ny hazo aho, indray maka notoraham-bato, intelo no vaky sambo, indray andro sy indray alina no nitoetra teo amin'ny lalina, nandeha matetika aho, saiky nahita loza tamin'ny ony, saiky nahita loza tamin'ny jiolahy, saiky nahita loza tamin'ny tompon-tany namako, saiky nahita loza tamin'ny jentilisa, saiky nahita loza tao amin'ny tanàna aho, saiky nahita loza tany an-efitra aho, saiky nahita loza tany amin'ny ranomasina aho, saiky nahita loza tamin'ny rahalahy sandoka aho, tamin'ny fiasarana sy ny fikelezan-aina, tamin'ny tsi-fahitan-tory matetika, tamin'ny hanoanana sy ny hetaheta, tamin'ny fifadian-kanina matetika, tamin'ny hatsiaka sy ny fitanjahana."* - 2 Kôr. 11:24-27.

Nahoana no tsy nilavo lefona mihitsy i Paoly? Satria te hanatanteraka ny fihazakazahana izy! Te ho mpandresy izy! Eto indray dia mbola manolotra fahitana miezinezina ny mpanompovavin'ny Tompo: *"Io fenitra tokana io izay niezahan'i Paoly hotratrarina mba hahazoany ny fiainana mandrakizay, no niriny koa mba ho fenitra hotratrarin'ny Korintiana. Fantany fa mba hahazoany manahaka an'i Kristy dia tsy maintsy hanao tolona tsy hisy fiketrahana mihitsy izy. Noho izany no namporisihany azy ireo mba hiady mifanaraka amin'ny didin'Andriamanitra isan'andro isan'andro, ka hikatsaka ny toetra araka an'Andriamanitra sy ny fahatanterahana ara-panahy. Niangavy azy*

*ireny hiala tamin'ny enta-mavesatra izy, ka hihazakazaka hanatratra ny fahatanterahana ao amin'i Kristy."*⁵

Fantatr'i Paoly tsara fa nanolotra loka tsara kokoa noho ny lalao fanao tamin'ny fotoan'androny ny fanatanterahana ny hazakazaka ara-panahy. Iza no nosoratan'i Ellen White mahakasika ireo mpifaninana tamin'ny lalao fahiny, "Na dia efa nanao fifehezan-tena henjana dia henjana aza ny mpihazakazaka teo amin'ny lalao fahiny, dia mbola mety tsy hahazo ny fandresena ihany izy. 'Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka eo amin'ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo'. Na mafy toy inona aza ny tolona, dia iray ihany no nahazo ny loka. Tanana iray monja no mahazo mandray ny satroboninahitra nohirifan'ny maro. Tsy mba toy izany ny amin'ny ady atrehin'ny Kristiana. Tsy hisy diso fanantenana, ka tsy hahazo loka, izay rehetra maharitra mihazakazaka."⁶

Tsy maintsy takatsika fa tsy ho mora velively ny hazakazaky ny fiainana. Ireo izay mahatanteraka hatramin'ny farany ihany no mandresy, fa tsy ireo izay haingam-pandeha na izay mahery (Mpitt. 9:11). Tsy misy na dia iray akory aza hahatanteraka ny fihazakazahana nefa tsy nahita loza, tsy voakasika, tsy voaratra tsy voadona, na tsy nahazo takaitra (2 Tim. 3:12). Ireo izay manaraka an'i Jesôsy Kristy dia tsy maintsy mivonona ny hihazakazaka ao anatin'ny hafanan'ny masoandro mavaivain'ny fanenjehana sy ny hatsiaka mampirifirin'ny ririn'in'ny fahatsapan-tena ho irery! Tsy afaka ny hijanona na oviana na oviana isika na inona na inona sarany hefaina!

⁵*Ibid.*, 275, 276.

⁶*Ibid.*, 274.

Raha niady ny ady tsara i Paoly ka nahatanteraka ny fihazakazahany, dia zava-bitany fahatelo no nahatonga ireo roa voalohany ho tena manan-danja:

3. NITAHIRY NY FINOANA AHO (2 Tim. 4:7). Mba ho fitahirizana ny finoana nankinina tamintsika, dia tsy maintsy zaraintsika ihany koa izany.

Rehefa nanaiky ny antson'i Kristy hizara ny vaovao mahafalin'ny famonjena tamin'ireo olona velona tamin'ny fotoan'androny ny apôstôly Paoly dia fantany fa tafaditra tao mba hiady izy. Tamin'ny firotsahany tao anatin'izany dia "*tsy mba menatra ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy*" i Paoly (Rôm. 1:16). Izany fahasahiany izany dia nampifanandrina mivantana azy tamin'ny devoly. Kanefa tsy nisy zavatra afaka nanaisotra ny finoany na nanongotra azy tamin'ny iraka niantsoana azy. Iza no nosoratan'i Ellen White: "*Ny tanjona tokana sady lehibe nokendreny hotratrarina teo amin'ny fiainany dia ny hanompo an'Ilay notsiratsirainy ny anarany teo aloha; ka na nisy fanoherana na nisy fanenjehana, tsy nisy nampiala azy tamin'izany tanjona izany. Ny finoany, nohamafisin'ny tolona sy nodiovin'ny fandavan-tena, no nanohantohana sy nampahery azy.*"⁷ Tena feno faharesen-dahatra tanteraka ny hihazona sy hizara ny finoany ny apôstôly Paoly!

Neken'i Paoly ny fitakiana manokan'ny Filazantsara teo amin'ny fiainany. Hitantsika ny ohatra iray amin'ireny rehefa nitodi-doha hitory ny filazantsara tany Asia izy sy i Silasy ary Timoty, ilay tanora mbola tsy ampy fanandramana. Dia ambaran'ny Baiboly fa "*noraran'ny Fanahy Masina tsy hitory ny teny tany Asia izy,*" - Asa. 16:6. Saingy nisy toe-javatra nahafinaritra kosa nitranga teo ankilan'izany. Nahazo fahitana ny amin'ny

⁷*Ibid.*, 439.

lehilahy anankiray avy any Makedonia i Paoly izay niangavy azy hoe: "*Mità mankatý Makedonia, ka vonjeo izahay!*" (and.9). Nony maraina dia nifoha ny mpanompon'Andriamanitra ary "*dia nitady handeha niaraka tamin'izay hankany Makedonia, satria nataony fa Andriamanitra no efa niantso azy hitory ny filazantsara amin'ny olona any.*" (and.10).

Tena voatolotra tanteraka ho an'Andriamanitra ny fon'i Paoly, ka vantany vao hitany tamin'ny fahitana ny antso avy any Makedonia, dia nekeny ho andraikitra miantefa aminy sy amin'ny mpiara-miasa aminy azy, ka tsy nisy fisalasalana na fanontaniana napetrany mahakasika ilay antso. Tsy nailik'i Paoly tamin'ireo namany fotsiny izany andraikitra izany. Niara-nanaiky ilay antso hankany Makedonia mba hamolavola mpianatra tokoa mantsy izy rehetra. Isam-batan'olona mihitsy ny antso ho an'i Paoly sy Silasy ary Timoty. Ampahany amin'ny fihazonana ny finoana ny fanekena ny antso manokana ataon'Andriamanitra mba hizara izany finoana izany.

Zavatra fantatr'i Ellen G. White avy tamin'ny fanandramana niainany manokana izany fitahirizana sy fizarana ny finoana izany. Rehefa nangatahin'ny fiangonana handeha hankany Aôstralia ka hanorina ny asan'Andriamanitra tany izy, dia izao no nambarany tao anatin'ny taratasy ho an'ny pasitora O. A. Olsen, filohan'ny fiangonana Advantista maneran-tany tamin'izany, "Tsy ny Tompo no namolavola izany zavatra izany. Tsy mahita tarapahazavana kely akory ny amin'ny tokony handaozako an'i Amerika aho."⁸ Na dia teo aza anefa io ahiahiny io, dia mbola nandeha tany amin'io sahan'asa fanompoana lavitra io ihany i Ellen White teo amin'ny faha-64 taonany, niaraka tamin'i William, ilay zanany lahy 37 taona. Raha tonga tany Aostralia izy dia narary mafy dia mafy. Nandritra ny 11 volana no niaretan'ny anabavy

⁸Ellen G. White to O.A. Olsen, Letter 127, 1896.

White tazo mahery sy fanaintainana mafy noho ny romatisma. Nanoratra izy fa "nandritra ireo fotoana ireo no niainany 'ny fahoriana mafy indrindra teo amin'ny fiainany manontolo,' kanefa nilazany fa mbola 'nisy lafy mahafaly' ihany izany fahoriana izany."⁹

Inona no mba zavatra mety hampifaly ao anatin'ny fahoriana tahaka izany? Iza no nosoratany: "Hitako fa toa teo anilako mihitsy ny Mpamonjy ahy. Tsapako tao am-poko ny fanatrehany masina, ary dia feno fankasitrahana aho. Ireo volana niaretako fanaintainana ireo no volana nahafaly ahy indrindra teo amin'ny fiainako, noho ny fiarahan'ny Mpamonjiko tamiko."¹⁰

Tsy nahakivy an'i Ellen White akory io toe-javatra nanelingelina azy teo amin'ny asa fanompoany io. Tsy hoe niezaka nanam-paharetana fotsiny izy tany Aostralia - sy Nouvelle Zélande - fa nanampy betsaka tamin'ny fanorenana toeram-panabeazana sy fitsaboana ary asa fanompoana maro hafa, izay mbola mitoetra hatramin'izao fotoana izao, ny asa fanompoana nataony tany. Anarivony ny olona no voatarika ho eo amin'i Kristy sady voahofana ho amin'ny fanompoana tamin'ny alalan'ireo asa fanompoana ireo, noho ny fahavononan'ny anabavy White ny hanao sorona ny tenany ho fampielezana ny Filazantsara.

Tsy maintsy manatanteraka asa manokana isika mba hamonjena ny hafa, raha tiantsika ihany koa ny hitahiry ny finoana. Iza no nosoratan'ny mpanompovavin'ny Tompo ao anatin'ilay boky mitondra ny lohateny hoe *Gospel Workers*: "Rehefa atao tsirambina ny asa ataon'ny tena manokana dia tombontsoa fanararaotra maro no ho very, izay tokony ho nitondra fampandrosoana lehibe teo

⁹ Jerry Moon and Denis Kaiser, "For Jesus and Scripture," in *The Ellen G. White Encyclopedia*, edited by Denis Fortin and Jerry Moon (Hagerstown: Review and Herald Publishing Association, 2013), 63.

¹⁰*Ibid.*, 64.

amin'ny asa raha hay ny nanararaotra azy."¹¹ Tamin'ny taona 1897, dia izao no nambarany, "Raha nahena ho antsasany ny toriteny natao, ary nampitomboina avo roa heny ny asa ataon'ny tena manokana ho an'ny fanahy tany an-tokantranony sy tany amin'ny toeram-pivoriana, dia hahatalanjona tokoa ny vokatra ho azo."¹²

Na dia teo am-piatrehana ny fiafaran'ny fiainany aza i Paoly, dia mbola afaka nibanjina mazava ny fiainany tamin'ny lasa ka fantany tsy tamim-pisalasalana fa "*nitahiry ny finoana*" izy (2 Tim. 4:7). Nanaiky ny finoana i Paoly, niaina ny finoana, nizara ny finoana, ary niady ny ady tsaran'ny finoana. Izany mihitsy angamba no nahafahany nihiaka tamin-toky hoe: "*Hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa.*" - 2 Tim. 4:8. I Paoly, ilay mpandray anjara mavitrika eo amin'ny hazakaza-davitra eo amin'ny fiainana, dia afaka mihiaka hoe: "Nandresy aho! Nahatanteraka aho!" Tsy mba tianao ho fijoroana ho vavolombelona hataonao manokana koa ve izany?

Nanoratra toy izao ao anatin'ilay boky "*Ultramarathon Man: Confessions of An All-Night Runner*" i Dean Karnazes: "Mihazakazaka aho satria any fotoana ela aorian'ny hahavoafafa ny dian-tongotro, dia mety hisy olona vitsy hovoatariko handà ny lalana mora, hanitsaka ny toerana hanatanterahana ny hazakazaka, hametraka ny tongony anankiray eo anoloan'ny anankiray, ary ho tonga amin'ny tsoa-kevitra tahaka ahy koa any amin'ny farany hoe: mihazakazaka aho satria mitondra ahy mandrakariva amin'izay tiako hahatongavana izany."¹³

¹¹ Ellen G. White. *Gospel Workers* (Review and Herald, 1915), 364.

¹² *Manuscript 139*, 1897, 8.

¹³ Dean Karnazes. *Ultramarathon Man: Confessions of An All-night Runner* (New York: TarcherPerigee, 2006).

Ny fihazakazahana no "mitondra ahy eo amin'izay tiako hahatongavana" hoy i Karnezés. Mampametra-panontaniana tahaka izao izany fanambaràn'i Karnazes izany: Moa ve ny fihazakazahantsika ho any an-danitra mba tena mitondra antsika any amin'ny toerana tiantsika hahatongavana tokoa, sa mihazakazaka amin'ny nofinofy fotsiny isika fa ny tanjontsika dia ny lanitra nefa tsy izany akory ny tena zava-misy?

Izao no fanamarihana nataon'i Ellen White: *"Toy izao no namporisihan'i Paoly ny Korintiana: 'Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo.'* Raha feno avonavona izy, ka matoky tena ho marina, ary manao tsirambina ny fiambenana sy ny fivavahana, dia amin'izany indrindra no hahalavo azy ao amin'ny fahotana lehibe, ka hianjeran'ny fahatezeran'Andriamanitra eo aminy. Tsy tian'i Paoly ny hampamoy fo ny Korintiana na dia tsy maintsy nanao teny mahery taminy aza izy. Noho izany no nanomezany azy izao teny feno toky izao: *'Tsy misy fakam-panahy nahazo anareo afa-tsy izay zakan'ny olombelona; nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo; fa momba ny fakam-panahy dia hasiany lâlana hahafahanareo koa mba hahazakanareo izany.'* Namporisika ny rahalahiny i Paoly mba handinika sao mampiseho ohatra ratsy ho an'ny hafa ny fiteniny sy ny asany. Nanariny izy tsy hanao na inona na inona izay hanahafany ny mpanompo sampy, na koa handratrany ny sain'ny malemy finoana. *'Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany. Aza manao izay hahatafintohina ny Jiosy na ny jentilisa na ny fiangonan' Andriamanitra.'*"¹⁴

¹⁴White, *Vavolombelona Mahery*, t. 277.

Fantar'i Paoly tsara fa arahi-maso ny Kristianina mirotsaka eo amin'ny hazakazaky ny fiainana. Fantany fa ireo mpitazana sy ireo mpiara-mihazakazaka dia mandinika sy manara-maso akaiky ny fanoloran-tenan'ny mpihazakazaka tsirairay sy ny "paik'adiny". Tsy ny mponina eto amin'ity tany ity fotsiny no manara-maso ireo mpihazakazaka kristianina ireo, fa ireo mponin'ny lanitra izay mbola tsy nandalo fahalavoana ihany koa. Ao amin'ny Hebreo 12:1 dia maneho izany hevitra izany i Paoly ary manoro hevitra ny amin'ny fomba hihazakazahana hahazoana ny fandresena. *"Koa amin'izany, satria misy vavolombelona maro be toy izany manodidina antsika toy ny rahona, dia aoka isika koa hanaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika, ary aoka isika hihazakazaka amin'ny faharetana amin'izao fihazakazahana filokana napetraka eo anoloantsika izao"*.

Voarainao ve izany? Tsy maintsy manaisotra izay rehetra mitambesatra amintsika mbamin'ny ota izay malaky mahazo antsika isika. Izay zavatra rehetra mety hanapaka ny fandrosontsika na hampandrera antsika mialohan'ny fotoana dia tsy maintsy hialana. Tsy maintsy atolotsika an'Andriamanitra ny ezaka tsara indrindra avy amintsika, ary mitaky ny hanesorantsika ny zavatra rehetra, na inona na inona, tsy mifanaraka Aminy izany. Izany ihany no fomba tokana ahafahantsika hihazakazaka hankeo amin'ny toerana tiantsika hahatongavana. Raha atolotsika manontolo an'Andriamanitra ny zavatra rehetra ka manohy amim-paharetana ny hazakazaka manoloana antsika isika, dia hiara-mijoro ho vavolombelona amin'ny apôstôly Paoly tokoa isika fa efa tehirizina ho antsika any an-danitra *"ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay omen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay; ary tsy ho ahy ihany, fa ho an'izay rehetra tia ny fisehoany koa"* - 2 Tim. 4:8.

Andeha isika hanohy ny fihazakazahana mandra-piverin'i Jesôsy indray, ka hahatonga antsika ho afaka hiaina fiainam-pifandraisana tsy mety tapaka intsony miaraka amin'ilay Iray izay niara-nihazakazaka tamintsika isaky ny indray mandingana teo amin'ny lalana!